

# Fanoroan-dalana ho an'ny fiadidian'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna sy ny fiadidian'ny kilasin'ny Zatovovavy



## NANTSOIN' ANDRIAMANITRA

- Midika inona amiko izany hoe nantsoin' Andriamanitra izany?



## TOMPOY IREO NASAINA HOTOMPOINAO

- Ahoana no fomba hahafantarako sy hitiavako ireo olona rehetra ao amin'ny kôlejy na ny kilasy misy ahy?
  **MIANARA BEBE KOKOA:** Afaka manome ny lisitr'ireo olona ao amin'ny kôlejy na ny kilasy ny mpitambokin'ny paroasy.
- Ahoana no fomba hanarahako ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy mikasika ny fanompoana?



## IREO ANDRAIKITRA MAHAKASIKA NY FITANTANANA

- Inona avy ireo fivoriana atrehako sy arafitro?
  **MIANARA BEBE KOKOA MIKASIKA NY:** fivorian'ny fiadidian'ny kilasy na kôlejy sy ny filankevitry ny zatovon'ny paroasy ankoatra ireo fivoriam-piangonana sy hetsika mahazatra (jereo ny *Boky torolalan'ny Fiangonana maneran-tany: Manompo ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany,* 10.4.3, 10.4.4, 11.3.4.3, 11.3.4.4, 29.2.9, ChurchofJesusChrist.org).
- Inona avy ireo asa mahakasika ny fitantanana izay sahaniko? Inona avy ireo fitaovana afaka manampy ahy?
  **MIANARA BEBE KOKOA MIKASIKA NY:** fandaharam-potoan'ny fivoriana (jereo ny "Sample Presidency Meeting Agenda"), ny fitarihana fivoriana, ny fizarana andraikitra, ny fanarahana hatramin'ny farany ireo asa nampiandraiketina, ary ny fiarahabana ireo olona ao amin'ny kôlejy na ny kilasy (jereo ny *Boky torolalan'ny Fiangonana maneran-tany*, toko 4).



## ARAFETO IREO FIVORIANA SY IREO FIARAHA-MIENTANA

- Ahoana no fomba hananantsika fivoriana mandritra ny alahady izay mampivoatra sy feno aim-panahy? (Jereo ny *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna sy ny kilasin'ny Zatovovavy*.)
  **MIANARA BEBE KOKOA AO AMIN'NY:** ComeFollowMe.ChurchofJesusChrist.org.
- Ahoana no fomba hanatanterahantsika asa fanompoana sy fiaraha-mientana mandrisika sy misy fiantraikany mahery vaika? (Jereo ny "Torolalana momba ny asa fanompoana sy fiaraha-mientana ho an'ny Zatovo.")
  **MIANARA BEBE KOKOA AO AMIN'NY:** ChildrenandYouth.ChurchofJesusChrist.org.

# Fampahalalana ho an'ireo episkôpà sy ireo olon-dehibe mpitarika ny Zatovolahy sy ny Zatovovavy

Manana andraikitra ireo episkôpà hanoro lalana ireo fiadidian'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna sy ny an'ny kilasin'ny Zatovovavy izay vao nantsoina. Dingana iray manan-danja eo amin'ny fanampiana ny zatovo mpitarika mba hahomby eo amin'ny antson'izy ireo ny fanoroan-dalana ny fiadidiana iray.

Ireto loharanom-pitaovana manaraka ireto dia aroso mba hanampiana ireo episkôpà eo am-panoroan'izy ireo lalana ny fiadidiana vaovao iray na rehefa mampianatra ireo fiadidiana efa misy. Ireo loharanom-pitaovana ireo sy ireo fanontaniana tany aloha dia azo ampiasaina mba hitarihana fifanakalozan-kevitra fohy hanoroana lalana na hampianarana ireo fiadidiana vaovao na ireo fiadidiana efa misy mandritra ireo filankevitry ny zatovo eo anivon'ny paroasy na mandritra ny fotoana hafa. Rehefa nahazo torolalana avy amin'ny episkôpà, dia afaka mandinika ireo loharanom-pitaovana ireo mandritra ny fivorian'ny fiadidian'ny kôlejy na ny kilasy ireo mpitarika ao amin'ny Zatovolahy sy Zatovovavy.

## LOHARANOM-PITAOVANA HO AN'NY FANOROAN-DALANA

### Nantsoin' Andriamanitra 8–10 MINITRA

*"Mba hahatongavana ho mpitarika mahomby ao amin'ny Fiangonana dia tsy maintsy mianatra ity lesona tena manan-danja ity isika: Ny fitarihana ao amin'ny Fiangonana dia miompana amin'ny fahavononantsika hotarihin' Andriamanitra fa tsy miompana be loatra amin'ny fitarihana ny hafa" (Dieter F. Uchtdorf, "Izay lehibe aminareo,"* Liahona*, mey 2017, 80).*

- Nantsoina tamin'ny alalan'ny fanambarana ireo fiadidian'ny kôlejy sy ireo fiadidian'ny kilasy (jereo ny Jaona 15:16).
- Ireo fiadidian'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna dia miasa amin'ny alalan'ireo fanalahidy izay omena rehefa atokana ireo filohan'ny kôlejy. Ireo fiadidian'ny kilasin'ny Zatovovavy dia miasa amin'ny alalan'ny fahefana raisina rehefa notokanana ireo fiadidiana (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:11; 107:5; Ireo Fanekem-pinoana 1:5; *Boky torolalan'ny Fiangonana maneran-tany*, 3.4.1).
- Ireo fiadidiana dia tompon'andraikitra eo anatrehan'ny Tompo sy ireo mpitariny (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:11–13; *Boky torolalan'ny Fiangonana maneran-tany,* 4.2.6).
- Ireo fiadidiana dia maneho ohatra ho an'ny olona ao amin'ny kôlejy na kilasy (jereo ny 1 Timoty 4:12; Almà 17:2–3).

### Tompoy ireo nasaina hotompoinao 5–8 MINITRA

*"Nantsoina ianareo hisolo tena ny Mpamonjy. . . . [Lasa] toy ny tanany ireo tananareo izay entinareo mampitraka" (Henry B. Eyring, "Rise to Your Call,"* Ensign *na* Liahona, *Nov. 2002, 76).*

- Raiso ho isan'ny miaraka aminareo ireo izay tompoinareo, antsoy amin'ny anarany ary fahano izy ireo (jereo ny Môrônia 6:4).
- Ampio ny hafa hanaraka ny Mpamonjy (jereo ny *Boky torolalan'ny Fiangonana maneran-tany,* 4.2.3).

### Ireo andraikitra mahakasika ny fitantanana 5–8 MINITRA

*"Ity no fahagagana ao amin'ireo filankevitry ny Fiangonana: mifampihaino sy mihaino ny Fanahy!" (M. Russell Ballard, "Counseling with Our Councils,"* Ensign, *May 1994, 26).*

- Mandraisa anjara amin'ny filankevitry ny zatovo ao amin'ny paroasinareo (jereo ny *Boky torolalan'ny Fiangonana maneran-tany*, 29.2.9).
- Manaova fivorian'ny fiadidian'ny kôlejy na kilasy tsy tapaka (jereo ny *Boky torolalan'ny Fiangonana maneran-tany*, 10.4.3, 11.3.4.3; "Sample Presidency Meeting Agenda").
- Mandrantoa fahaizana mitarika mba hanatanterahana ny asa (jereo ny *Boky torolalan'ny Fiangonana maneran-tany,* 4.2).

### Arafeto ireo fivoriana sy ireo fiaraha-mientana 5–8 MINITRA

*"Ny fiaraha-mientana rehetra sy ny lesona rehetra ary ny zavatra rehetra ataontsika ao amin'ny Fiangonana, dia mitarika antsika mankany amin'ny Tompo sy ny tranony masina" (Russell M. Nelson, "Personal Preparation for Temple Blessings,"* Ensign, *May 2001, 32).*

- Ianaro ireo andraikitrao (jereo ny *Boky torolalan'ny Fiangonana maneran-tany,* toko 10–11).
- Manaova drafitra ary mitariha araka izay hitarihan'ny Fanahy (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43:8–9; 88:119; Môrônia 6:9).

## TOROLALANA FANAMPINY

Mitohy ireo fahafahana mandranto fahazaina mitarika mandritra ireo filankevitry ny zatovo eo anivon'ny paroasinareo sy mandritra ireo fivoriana tsy tapaka ataon'ny fiadidiana. Mba hahazoana hevitra hanampiana amin'ny fanaovana izany ezaka izany dia jereo ao amin'ny Quorum and Class Presidency Resources.

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2019 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. 8/19. Fandikana ny *Quorum and Class Presidency Orientation v2.* Malagasy. PD60009511 654. Natonta tany Etazonia